

Malagasy Protestant Church in France  
Madegassische Protestantische Kirche in Frankreich

Eglise Protestante Malgache en France

Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy



Siège national  
47 rue d Clichy  
75311 Paris Cedex 09  
Tél : 01 45 96 03 05

NY FIAINAM-BAOVAO ENTI-MANOMPO AN'ANDRIAMANITRA

## Romana 12

Fizaràna tsotra ny Epistily ho an'ny Romana (cf NY FIAHAVANANA AMIN'ANDRIAMANITRA Seth Rasolondraibe) :

I. Toko 1-11 FAMPIANARAM-PINOANA

II. Toko 12-16 FAMPIHARANA

Manomboka eto amin'ity toko faha-12 ity ny fampiharana ary azo ambara fa mampiditra ny toko efatra manaraka izy. Eto izy no mametraka ireo antoka hahafahana mampihatra sy miaina ny asan'i Kristy izay voavelabelatra sy asaina inoana araka ny toko 1-11.

### I. Dingana voalohany amin'ny fampiharana : FANOLORAN-TENA

*1 Koa amin' izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindrampon' Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak' Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany.*

Ny fanoloran-tena no asetrin'ny olona izay mino ny famindram-pon'Andriamanitra nasehony ho an'ny olona rehetra tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy. Famindram-po no teny ampiasain'i Paoly eto, fa raha manaraka tsara ny fanazavana nentin'i Paoly manomboka any amin'ny toko faha-3 isika dia mivoitra ao ny foto-kevitra ny amin'ny fahasoavana izay nanamarinana maimaim-poana, na ny Jiosy na ny Jentilisa (tsy Jiosy), noho ny finoana.

Miverina in-20 ato amin'ny Epistily ho an'ny Romana ny teny hoe fahasoavana, in-30 ny teny hoe fahamarinana na fanamarinana, ary in-35 ny teny hoe finoana, ary mifamatotra akaiky ireo.

Ndeha hanao fandalarana (*incision*) kely isika hamaritra ny amin'ny fahasoavana, mba hahazoantsika miditra lalina kokoa amin'ny fampiharana.

### NY FAHASOAVANA.

- Fanomezana maimaim-poana no amaritana azy, izany hoe fanomezana (don, cadeau) atolotra ho an'ny olona izay tsy mendrika izany akory.

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion), Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

- Ilazàna ny fomba nentin'Andriamanitra nanatona sy niasa tamintsika izany. (Ef.1 :1-6)
- Mibango ny fomban'Andriamanitra entiny mifandray amintsika ny fahasoavana ary miseho amin'ny fomba samihafa : ny fitiavany, ny fahatsaràny, ny asam-panasoavany, ny famindrampony, ny fahatokiany, sns... (*amour, bonté, bienveillance, miséricorde, fidélité, etc...*)

### **Ireo refy dimin'ny fahasoavana.**

Ahoana no fomba iasàn'ny fahasoavana eo amintsika ?

- a) Fahasoavana no nentin'Andriamanitra namonjy antsika tao amin'i Jesosy Kristy, izay nasehony tamin'ny tsy nanisàny ny fahotantsika tamin'ny lasa ary nanafoanany ny didy manameloka antsika tamin'ny alalan'ny ran'i Kristy sy ny fahafatesany. (Rom.3 :24 ; Ef.2 :4-6,8 ; Fit.3 :22-24)
- b) Fahasoavana no entin'Andriamanitra mitantana sy mitondra izao tontolo izao. Tsy araka ny fahamendrehan'ny olona, na ny fahamarinany, fa amin'ny fahari-po (Mat.5 :45b), ary na eo amin'ny olona efa nandray ny finoana aza dia mbola io fahasoavana io no hitondran'Andriamanitra ny fiainany (Jao.1 :16 ; Ef.2 :7)
- c) Ny fahasoavana no entintsika miasa ny asan'Andriamanitra (Jao.6 :29), amin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavana izany andraisantsika anjara amin'ny asan'i Kristy, izay miasa ao anatintsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina (Ef.2 :10 ; 4 :1-16 ; Fil.2 :12-13 ; cf Mat.10 :8b)
- d) Ny fomba entintsika maneho ny fankasitrahana (reconnaissance) ny asan'ny fahasoavany dia ny fanomezam-boninahitra sy fisaorana Azy (*action de grâce, remerciement*) (1Kor.1 :4 ; cf 2Kor.9 :12 ; Kol.3 :17 ; 1Tim.2 :1)
- e) Nantsoina ho vavolombelon'ny fahasoavana isika ka mampiseho izany amin'ny fifandraisantsika amin'ny hafa ka afaka mitia hatramin'ny fahavalo aza (Ef.5 :1-2 ; Kol.3 :12ss ; 4 :6 ; 1Tes.5 :15-24, 28 ; Jak.2 :13)

### **Atolory ny tenanareo ho an'Andriamanitra na ataovy ho mpanompon'Andriamanitra ny tenanareo.**

Ao amin'ny toko faha-6 rehefa manazava ny amin'ny batisa i Paoly dia milaza fa taloha ny mino dia nanolotra ny tenany ho mpanompon'ny fahalotoana sy ny tsi-fanarahan-dalàna ka dia maty, fa ankehitriny kosa rehefa nataony ho efa maty noho ny ota noho ny hazo-fijalian'i Kristy ny tenany dia asainy hatolotra ho an'Andriamanitra ho mpanompon'ny fahamarinana hahatanteraka ny fahamasinana koa. (Rom.6 :11,19) Koa ny teny "atolory" eto dia azo adika koa hoe "ataovy mpanompon'ny", ka ny asan'i Kristy teo amin'ny mino dia manosika azy hanolotra ny tenany hanompo an'Andriamanitra fa raha tsy manompo an'Andriamanitra izy dia tsy maintsy manompo tompo hafa.

### **Fanatitra velona.**

Misy karazana roa raha tsotsorina ny fanatitra teo amin'ny Testamenta Taloha :

- Ny fanatitra noho ny ota

- Ny fanati-pisaorana na fankasitrahana.

Ny fanatitra faharoa no ambara eto fa setrin'ilay voalohany izay i Kristy no nanatanteraka azy tamin'ny tenany. Tsy fanatitra alatsa-drà, izany hoe hovonoina, no ambarany eto fa fanatitra velona izany hoe tena nandray fahavelomana na aina vaovao, noho ny fendresen'i Kristy ny fahafatesana.

Ny fahatsapana ny lanja sy ny hasarobidin'ny fahasoavana noraisintsika tamin'Andriamanitra tamin'ny namonjeny antsika maimaim-poana tao amin'i Jesosy Kristy, ka nanafahany antsika tamin'ny herin'ny ota sy ny fahafatesana dia manosika antsika hankasitraka sy hamaly ny fitiavany. Ary satria nasehony tamin'ny fanoloran-tenan'ny Zanany izany dia fanoloran-tena koa no setry mendrika na mety (*raisonnable*) izany fanehoam-pitiavana izany. Fanatitra velona satria ao amin'ny fahavelomana no hanatanterahana izany fanompoana izany. (vakio Gal.2 :20) Ho hitantsika etsy ambany ny hevitr'io fahavelomana io.

## **II. Ny dingana faharoan'ny fampiharana : FANAFAOZANA NY SAINA**

*2 Ary aza manaraka ny fanaon' izao tontolo izao; fa miova amin' ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon' Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina.*

Ny fanarahana ny tenin'i Satana sy ny fisainan'izao tontolo izao no nahatonga ny fahaverezana sy ny fahafatesana nihatra tamin'ny olombelona. Tsy ampy ny mankany amin'ny mpitsabo sy mitelina ny fanafody nomeny raha toa ka mbola hihinana na handray ny zavatra izay niteraka ny aretina ihany : "*Ny amboa miverina indray amin' ny loany*", ary: "*Ny kisoavavy efa nisasa dia mihosim-potaka indray.*" (2Pet.2 :22) Koa ny fialàna amin'ny ratsy, ny fiainana ny fahafahana (Gal.5 :1) dia mitaky fiovam-pisainana sy fiovam-pijery. Ny fihinanana ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy tao Edena dia nitarika ny olona hiambo ho mahalala ny tsara sy ny ratsy amin'ny alalan'ny fisainany sy ny fahaizany. Hitantsika ny vokatr'izany fa faharavàna sy fahoriana ary ozona sy fahafatesana. Ny fiverenana amin'ny tenin'Andriamanitra sy ny fatokiana Azy no lalana tokana hiverenana sy hiorenan'ny fiainana araka ny nikasan'Andriamanitra azy hatrany am-boalohany.

Mila miova *logiciel*, miova fijery (manana vina vaovao), mila miova fo (*se convertir*). Raha nanaraka ny fomba sy fisainana araka ny olona sy izao tontolo izao teo aloha, dia manaraka ny fomba sy fijerin'Andriamanitra kosa ankehitriny. Manana izay ambarany mikasika ny marina sy ny tsara ary ny mendrika ny olona sy ny fomba fijery rehetra ( ny fahaizan'olombelona, ny fahendrena, ny sivilizasiona, sns...), ary samy manaraka izay tiany sy mety aminy amin'ny vanim-potoana iray. Fa amin'ny olona niova fo kosa (niova fisainana) dia mazava hatrany ny fijery :

- Inona no tsara ? : Izay araka ny sitrapon'Andriamanitra (araka ny teniny)
- Inona no ankasitrahana ? : Izay araka ny sitrapon'Andriamanitra (araka ny teniny)
- Inona no marina ? : Izay araka ny sitrapon'Andriamanitra (araka ny teniny)

Io no fiovam-penitra mahery vaika miseho sy iainan'ny olona niova fo, izay nandray an'i Kristy ka nanolo-tena hanaraka Azy ka tonga zanak'Andriamanitra. Dia hoy i Jaona hoe : "*Endrey! manao ahoana ny fitiavana nasehon' ny Ray ho antsika, dia ny niantsoana antsika hoe zanak' Andriamanitra, sady izany tokoa isika! Koa noho izany dia tsy mahalala antsika izao tontolo izao,*

*satria tsy nahalala Azy izy.*" (1Jao.3 :1) Tsy fantatr'izao tontolo izao intsony ny zanak'Andria-manitra satria niala tamin'ny fombany sy ny fisainany. Tsy tokony hahagaga ny kristiana izany ny tsy fitovian'ny fijeriny sy ny fombany ary ny fiainany amin'ny an'izao tontolo izao sy ny tsy mino.

## **II. NY FIANAM-BAOVAO AO AMIN'I KRISTY.**

Ireo dingana fototra roa etsy ambony ireo no manome todika ny fiainan'ny mino.

- Tsy miankina amin'ny nofo sy ny hery hafa intsony izy fa miankina amin'Andriamanitra.
- Tsy tompon'ny tenany intsony izy fa Andriamanitra no mamaritra sy manondro ny lalan-kizorany sy ny asany.
- Tsy manompo ny tenany na izao tontolo izao intsony izy fa manompo ny Tompo.

Koa ilay fiainam-baovao eto dia sady hery no zotra :

HERY : Voalohany ny fiainana (*vie*) dia hery anaty, hery mahavelona, hery mitondra fahafahana miaina sy mihetsika malalaka (mifanohitra amin'ny fahafatesana na ny fangejàna). Koa ny fiainam-baovao (*vie renouvelée*) dia fanomezana avy amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Tsy ezaka ataon'ny olona no handraisana an'io fa fanoavana sy fanoloran-tena ; hery manokana izay miasa ao amin'ny mino mahatonga azy afaka hisaina mandrakariva ny zavatra any ambony fa tsy ny ety an-tany io (Kol.3 :2), hery ateraky ny firaisana amin'i Kristy (Jao.15 :4-5).

ZOTRA : Faharoa ny fiainana dia fomba entina miaina (*manière de vivre*) izay mampiseho ny mahazika marina, miseho amin'ny fomba fisainana sy ny fitondran-tena. Ny olona nandray an'i Kristy, nanaiky an'i Kristy ho Mpamonjy sy Tompo, dia tarihin'ny Fanahy Masina handray sy hitombo amin'ny toetra izay entina mijoro ho vavolombelony eo amin'ny sehatra andavanandro.

## **III. NY FANOMPOANA SY NY FIANGONANA**

*3 Fa noho ny fahasoavana nomena ahy dia izao no lazaiko amin' ny olona rehetra izay eo aminareo: Aza miavonavon-kevitra ka mihevitra mihoatra noho izay tokony hoheverina; fa mihevera izay onony araka ny ohatry ny finoana izay nozarain' Andriamanitra ho anareo avy.4 Fa toy ny ananantsika zavatra maro momba ny tena iray, nefa tsy mitovy asa izay rehetra momba ny tena,5 dia toy izany koa isika, na dia maro aza, dia tena iray ihany ao amin' i Kristy, ary samy miara-momba ny tena isika rehetra.*

Ny avovavon'ny fiheveran-tena ho mahavita tena no nahatonga ny razantsika ho lavo. Nohariana hiankina amin'Andriamanitra sy handeha araka ny fitsipiny isika. Raha tsara ny nanaovan' Andriamanitra ny zava-boahariny rehetra, ary ny olona koa tao anatin'izany, dia tsy midika akory izany fa feno na tanteraka izy (*parfait*). Ny fampianarana nentin'ny Tompo nitaizana ny mpanaraka azy voalohany dia ny fanetren-tena (Mat.20 :28 ; 23 :12) , izay toetra fototra hanekena hianatra sy hitombo amin'ny fanahafana an'i Kristy.

Koa natsangan'ny Tompo ny Fiangonana (Mat.16 :18) mba ho sehatra hianarana sy hitomboana amin'izany, amin'ny alalan'ny fanompoana (Ef.4 :1-16) Araka io fampianarana io dia tsy afaka hitombo ny kristiana raha tsy manaiky hirotsaka an-tsehatra eo amin'ny fanompoana izy aloha. Ny fanompoana anefa dia tsy ny fanaovana ny asa akory, fa ny fiainana ny toetran'Andriamanitra amin'ny alalan'ny asa manokana niantsoany ny tsirairay. Koa raha tsy nandalo tamin'ireo dingana roa voalohany etsy ambony ny olona dia tsy afaka hanatanteraka fikendrin'Andriamanitra ho azy izy , fa manjary heloka indray aza ny asa ilofosany (fahotana = tsy fahatratrarana ny tanjona). (Vakio Mat.7 :22-23)

Ny fahendren'Andriamanitra dia nasehony tamin'ny fahaizany mandamina (1Kor.14 :33). Koa ny fanomezam-pahasoavana samihafa dia nomen'Andriamanitra hitaizana ny olom-boavonjy ho amin'ny fiombonana sy ho amin'ny asa tsara.

### **Fiombonana sy firaisana :**

Ny fahafantarana fa tsy feno ao amin'ny olona iray ny fahaizana sy ny hairaha entina manompo dia mahatonga azy hanetry tena hiaiky ny tsi-fahafenoany ka hanaiky sy handray ny fahaizana sy ny hairahan'ny hafa. Tsy fahaizana hafa noho ny an'ny tena ihany io, fa fahaizana mifameno amin'ny an'ny tena ka mila ekena sy raisina amin'ny fankasitrahana fa ny avonavona manilika ny hafa dia manabanga ny asan'Andriamanitra eo amin'ny Fiangonana. Mainka fa fanomezan'Andriamanitra izany, koa ny tsy fanajana izany dia tsy fanajana Ilay nanome izany dia ny Tompo. Ny fiombonan'ny mino manana fanomezam-pahasoavana samihafa miara-miasa amin'ny fitiavana no mampivoitra sy mampiseho ny tenan'i Kristy izay mijoro ho Fiangonana, sady mampiorina azy maharitra (Lio.11 :17) Anisan'ny fanambin'ny Fiangonana io firaisana ao anatin'ny fahasamihafana io.

### **Fanoloran-tena tanteraka .**

*6 Ary satria samy manana fanomezam-pahasoavana samy hafa isika, araka ny fahasoavana izay nomena antsika: raha faminaniana, dia aoka hatao araka ny ohatry ny finoana;7 raha fanompoana amin' ny fiangonana, dia aoka ho amin' ny fanompoana; raha fampianatra, dia aoka ho amin' ny fampianarana;8 raha mananatra, dia aoka ho amin' ny fananarana; izay manome, dia aoka ho amin' ny fahatsoram-po; izay manapaka, dia aoka ho amin' ny fahazotoana; izay mamindra fo, dia aoka ho amin' ny fifaliana.*

Raha tsy tanteraka isika, ny fanoloran-tenantsika kosa dia tian'ny Tompo ho tanteraka. Tsy olona manao antsirambina na manaotao foana na mamonjy tavanandro ny kristiana (mpianatry ny Tompo) fa sady manaja tsara ny asa no manaja ny tompon'ny asa, dia ny Tompo (Kol.3 :23). Tsy olona manao zavatra toy ny tsy nahazo fanomezam-pahasoavana avy amin'Ilay mahay ny zavatra rehetra ny mpanompon'ny Tompo, fa manaja ny fiantsoana ary manaiky hotezaina sy mitombo amin'izany. Tsy fanajana ny Tompo sy ny Fanahy Masina ny fakana andraikitra na fanaovana asa eo amin'ny Fiangonana izay tsy antonona ny tena, ary toy izany koa dia tsy fanajana ny Tompo sy ny Fanahy Masina ny fandavana Azy ny tsy fanekena hanao ny anjara-fanompoana na asa izay nanomezany fahaizana manokana ho an'ny tena (*la bonne personne à la bonne place*). (Fampiharana)

### **Fitiavana an'Andriamanitra sy fitiavana ny olona.**

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion), Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatefehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

*9 Aoka ny fitiavana ho amin' ny tsi-fihatsarambelatsihy; mankahalà ny ratsy; mifikira amin' ny tsara.*

*10 Mifankatiava araka ny fifankatiavan' ny mpirahalaha; mitariha lâlana amin' ny fifanomezam-boninahitra.*

*11 Mazotoa, fa aza malaina, ary aoka hafana fo amin' ny fanompoana ny Tompo.*

*12 Mifalia amin' ny fanantenana; miareta amin' ny fahoriana; mahareta amin' ny fivavahana.*

*13 Miantrà ny olona masina araka izay ilainy; mazotoa mampiantrano vahiny.*

*14 Misaora izay manenjika anareo; misaora, fa aza manozona.*

*15 Miaraha mifaly amin' izay mifaly, ary miaraha mitomany amin' izay mitomany.*

*16 Miraisa saina. Aza mihevitra izay hiavononana, fa aoka mba ho zatra amin' ny fietrena hianareo. Aza manao ny tenanareo ho hendry.*

*17 Aza mamaly ratsy na amin' iza na amin' iza. Miomàna hanao izay mahamendrika eo imason' ny olona rehetra. 18 Raha azo atao, dia ataovy izay hihavananareo amin' ny olona rehetra. 19 Ry malala, aza mamaly ratsy, fa omeo lâlana ny fahatezerana; fa voasoratra hoe: "Ahy ny famaliana; Izaho no hamaly, hoy Jehovah". 20 Fa raha noana ny fahavalonao, omeo hanina izy; raha mangetaheta izy, omeo hosotroiny; fa raha manao izany hianao, dia hanambatra vainafo ho eo an-dohany.*

*21 Aza mety ho resin' ny ratsy hianao, fa reseo amin' ny soa ny ratsy.*

Dinidinika ara-pitondran-tena (etika) no amaranan'i Paoly ity toko ity.

- Ny fomba fanoratra eto, izay efa nahazatra teo amin'ny tontolo nisy an'i Paoly na Jiosy na tsy Jiosy, dia manana endrika ohabolana izay natao indrindra hampieritreretana. Fa amin'ny sora-tanan'i Paoly izy dia naka endrika baiko izay tiany hampiseho ny vokatra nateraky ny voalaza etsy ambony.
- Milaza koa izany fa tsy mandeha ho azy akory, rehefa tanteraka ny andininy 1 sy 2, ny fiainana ny toe-panahy araka an'i Kristy, fa mila fananarana sy famporisihana sy fampaherezana ary fanazavana aza indraindray (Rom.13). Izany no ilàna ny etika na fitsipi-pitondran-tena izay tovozina avy amin'ny Soratra Masina ka iainana miaraka sy hifampitaizàna.

Marihina fa ireo rehetra ireo dia tanteraka tao amin'i Kristy avokoa. Iza no azo hamehezana ireo dinidinika ara-pitondran-tena ireo: "Ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny fitiavana ny olona no fototry ny fitsipi-piainana andehanan'ny olom-baovao". Kristy no modelin'io fitiavana tanteraka io.

Ny fitiavana an'Andriamanitra :

- Fialàna amin'ny ratsy sy fifikirana amin'ny tsara, dia izay rehetra mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra,
- Manompo amin'ny fo tanteraka sy amin'ny fanetren-tena.

Ny fitiavana ny olona :

- Fialàna amin'izay manimba sy misy fitaka (mijoro amin'ny fahamarinana),

- Mijoro ho vavolombelon'ny fahasavana noraisina tamin'ny Tompo.
  - Satria tiana na dia tsy mendrika aza dia mitia na dia ny fahavalo aza,
  - Satria namindràna fo dia mamindra fo,
  - Satria tsy novaliana (tsy novalian'Andriamanitra) ratsy dia tsy mamaly ratsy ny ratsy,
  - Satria nandray maimaim-poana dia manome maimaim-poana.